# Ilay Voa Tsara Nafafy 06 Jona 2018

**6** **Alarobia**
jona

**Raha tsy mbola miantso aza izy dia hamaly Aho ; ary raha mbola miteny izy, dia hihaino Aho.**
Isaia 65. 24

**Ny vavak'ilay zanany vavy**

Niteny nanoloana mpanatrika marobe ity mpanao famelabelaran-kevitra iray tsy mino an'Andriamanitra. Namely ny finoana kristiana izy sady nanambany ny olona lazainy hoe bado ka mbola mino fa misy vokany ny vavaka. Tampoka teo, nitsangana ka nangataka hiteny ny mpanatrika iray.

— Izaho mijoro eto anatrehanao izao, dia lehilahy anisan'ny fadiranovana indrindra teto an-tanàna, taloha. Nilòna tanaty fisotro mahamamo sy filokana aho, ary namono ny vadiko. Tsy inona aho fa jiolahimboto. Raikitra fatratra ny vadiko sy ny zanako vavy isaky ny mahare ahy miditra ny trano. Nivavaka ho ahy nandritra ny taona maro anefa ny vadiko. Nampianariny hivavaka ho ahy rainy koa ny zanakay vavy kely.

Indray hariva, nody tao an-trano alohaloha kokoa noho ny mahazatra aho. Tsy mamo aho tamin'izay. Vao hampatory ny zanakay vavy ny vadiko. Nitsaitsaika nanatona aho, nanongilan-tsofina. Nivavaka ny zanako vavikely hoe : „Ry Tompo Jesosy ô, vonjeo i dadako. Mangataka aminao aho, ry Tompo Jesosy, mba afaho re i dada malalako !"

Tsy fantatr'izy mianaka hoe teo aho, nihaino. Nivoaka mangingina ny trano aho, toy ny nilatsaham-baratra. „Dada malala" ! tsy izany velively aho… Toa mbola tsy nanoroka azy akory aho, na indray mandeha aza. Safotry ny henatra aho. Namoy fo aho, nivavaka hoe : „Tompo ô, ampio aho ! Valio ny vavaky ny zanako :" Dia tena novaliany tokoa.

Ankehitriny, feno fankasitrahana an'Andriamanitra aho, nomeny hery hanjary vady mendrika sy tena ray marina. Tonga ankohonana sambatra izahay ankehitriny. Izany no antony inoako an'Andriamanitra, satria tena mahare ny vavaka tokoa Izy, ary mamaly izany.